# Fitaovana tsotra entin'ny mponina manombana ny tolotra rano, fanadiovana ary fidiovana



BOKY MPAMPIOFANA

# LASI-PIOFANANA

## Fitaovana tsotra entin'ny mponina manombana ny tolotra rano, fanadiovana ary fidiovana



# TENY FANOLORANA



*Ny famolavolana ity lasi-piofanana ity dia miainga amin'ny finiavan'ny Tetikasa Rural Access to New Opportunites of Water, Sanitation and Hygiene (RANOWASH) hampahalala, hanatsara sy hampaharitra ny asa fitandroana ny zo fototra sy fisitrahana feno ny tolotra rano, fanadiovana sy fidiovana. Io tetikasa io dia tanterahin'ny CARE, CRS, WATERAID, BUSHPROOF ary SANDANDRANO. Ny Governemanta amerikana no mamatsy vola azy amin'ny alalan'ny USAID-Madagascar.*

*Misehatra amin'ny kaominina miisa 250 manerana ny faritra 7 eto Madagasikara (Vatovavy, Fitovinany, Alaotra Mangoro, Atsinanana, Vakinankaratra, Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony) ny Tetikasa ary maharitra enina taona (2017 - 2023). Mikendry ny hisitrahan'ny olona rehetra ny tolotra rano, fanadiovana ary fidiovana lovainjafy mba hanatsarana ny fahasalamana, ny fiahiana ara-tsakafo ary ny fitandroana ny tontolo iainana ny tetikasa RANOWASH.*

*Ity lasi-piofanana ity dia anisan'ireo fiofanana miisa 11 notanterahin'ny tetikasa ary nohavaozina nandritra ny volana Aogositra ka hatramin'ny Oktobra 2021. Ahitana lohahevitra isan-karazany mifamatotra amin'ireo tanjona stratejika telo : (i) fanamafisana ny fitantanana sy ny fanaraha-maso ny rano, fanadiovana sy fidiovana; (ii) fampitomboana ny fandraisan'anjaran'ireo sehatra tsy miankina amin'ny fanomezana ireo tolotra rano, fanadiovana sy fidiovana; (iii) fanafainganana ny fanatanterahana fitondran-tena ara-pahasalamana sy ny fampiasana io tolotra io. Omena lanja manokana koa ny miralenta ahafahan'ny rehetra misitraka sy mandray andraikitra amin'ny fahazoana ny tolotra rano, fanadiovana sy fidiovana.*

*Ity lasi-piofanana ity dia fitaovana enti-mampiofana ahitana ny boky ho an'ny mpampiofana ary boky ho an'ny mpiofana ary tahirin-kevitra samihafa azo ampiasain'ireo mpampiofana sy mpanatanteraka tetikasa ampiasaina. Novolavolaina izao lasi-piofanana izao hahafahana manaparitaka ireo fomba fiasa sy dingana ara-teknika mahomby, mitsinjo ny faharetan'ny zava-bita.*

*Tolorana fisaorana sy fankasitrahana feno ireo mpiara-miasa, mpiantsehatra sy mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola nanolotanana tamin'ny fahavitan'izao famolavolana ny lasim-piofanana izao.*


USAID
RANO WASH

# FIRAFITRY NY BOKY FAMPIOFANANA

Ity lasim-piofanana ity dia ahafahana manjohy sy manombana ireo voaray rehetra eo am-pidirana, mandritra sy amin'ny fiafaran'ny fiofanana, ahitana ny Boky ho an'ny Mpampiofana sy Boky ho an'ny Mpiofana.

Votoatin'ny lasim-piofanana dia ahitana ny :

### Ho an'ny Bokin'ny Mpampiofana :

- Fintina isaky ny fotokevitra (module) : maneho ny tanjona, ny votoatiny, ny faharetany.
- Famelabelarana ny fandaharam-piofanana : ahitana ny fivoaran'ny fampiofanana, fomba fampiofanana, ny lesona, ny fampiharana isaky ny lohahevitra.
- Fomba fampitàna ny fiofanana : maneho ireo fomba, teknika sy hetsika isan-karazany, hampitàna ny fiofanana.
- Pejy fitaratra : raha mampiasa "videoprojecteur" dia misy ireo pejy fitaratra entina maneho sy mamintina ny votoatin'ny fiofanana ho an'ny mpiofana.

### Ho an'ny Bokin'ny Mpiofana :

- Fintina isaky ny fotokevitra (module)  : maneho ny tanjona, ny votoatiny, ny faharetany.
- Famelabelarana ny votoatin'ny fiofanana : ahitana ireo fomba enti-mampita ny fiofanana, ireo pejy fitaratra entina maneho sy mamintina ny votoatin'ny fiofanana ho an'ny mpiofana, ireo voambolana tsara ho tadidy, ireo fampiharana isan-karazany izay manaraka ny fizotry ny fiofanana.

# FAMPAHAFANTARANA NY TARANJA

## Fampidirana

Araka ny voalaza anatin'ny boky torolalana novolavolain'ny CARE, ny fomba fiasa CSC dia ampiasaina hanamorana ny fitantanana mahomby amin'ny alalan'ny fandrisihana ny fampandraisana anjara, ny fangaraharahana, ny tamberin'andraikitra ary ny fanapahan-kevitra mifototra amin'ny toe-javamisy.

Ny fomba fiasa CSC dia ahafahana :

- Mampivory ireo solontenan'ny mponina, ny mpitantan-draharaha sy ny fanjakana ifotony ahafahana mamakafaka ireo fanamby mikasika ny tolotra rano, fanadiovana ary fidiovana;
- Miaraka mijery ireo vahaolana mifanaraka amin'ireo olana;
- Mametraka ireo drafitr'asa hanatanterahana ireo vahaolana ary lamina hanaraha-maso izany.

Ny Community Score Card (CSC) dia fomba fiasa eny ifotony izay mifototra amin'ny hampandraisana anjara ny daholobe hanatsarana ny tolotra iray mikasika ny rano, fanadiovana ary fidiovana. Miara-midinika amin'izany ny mpanome ny tolotra, ny vahoaka mampiasa ny tolotra ary ny manampahefana.

Marihina fa misy ireo dingana arahina dia ny fahalalana ny zavamisy ifotony miaraka amin'ireo hery velona manaraka ny lamina sy dingana manokana arahina momba ny fitondrana ny CSC, manao ny kara-tsosialy, manao ny fivoriana telo tonta hisian'ny tatitra miaraka amin'ireo orinasa mpanome tolotra sy ny mpahazo tombotsoa hanaovana fandravonana havadika ho asa.

Ny vokatra handrasana dia ahafahan'ny kaominina miaraka amin'ny orinasa mpanome tolotra hanana drafitrasa mahatsara ny tolotra famatsiana rano fisotro madio, fanadiovana ary fidiovana.

## Tanjona ankapobeny

Mahay mitondra CSC eny anivon'ny fiaraha-monina ny teknisianina hanatsarana ny tolotra mikasika ny rano, fanadiovana ary fidiovana amin'ny alalan'ny dinika iarahana amin'ny vahoaka, mpanome ny tolotra ary ny manam-pahefana.

## Mpiofana

Ireo mpiofana dia ahitana ireo teknisianina miasa eny ifotony.

## Mpampiofana

Ny mpampiofana dia olona efa nahazo fampiofanana mikasika ny CSC ary efa nahafehy ny fitondrana ny CSC, mahakasika ny fitaovana tsotra entin'ny mponina manombana ny tolotra rano, fanadiovana ary fidiovana.

## Fomba fampitana ny fiofanana

Amin'ny ankapobeny, ny fomba fampiofanana dia mampiasa ny :

i) Fomba fampiofanana olon-dehibe, manome lanja ny fandraisan'izy ireo anjara feno amin'ny fanovozana ny fanamafisana ny fahaiza-manao, ny traikefa, ny fanatanterahana ny fiofanana mifanaraka amin'ny zavamisy eny ifotony, indrindra ny fampiharana.

ii) Fanamorana : Ny mampiofana dia mpanamora mahay mampandray anjara ny mpiofana mandritry ny fiofanana hahafahan'izy ireo efa mampihatra ny fahaiza-manao azo.

## Tombana

Ny tomban'ny fiofanana dia atao amin'ny alalan'ny :

1. Fanangonana ireo tiana handrasana eny am-panombohana ny fiofanana sy fanamarinana ny fahatratrarana izany amin'ny fiafarany
2. Fanokanana fotoana fametrahana fanontaniana sy fitondrana valiny arahina fampandraisana anjara mavitrika ny mpiofana
3. Fanombanana arahina fanolorana ny vokatra isan'andro
4. Fanombanana amin'ny fiafaran'ny fiofanana.

## Fitaovana ilaina

Ireo fampitaovana ilaina hanatanterahana ny fiofanana :

- Toerana hiofanana
- Fitaovam-pampitana toy ny videoprojecteur, solosaina
- Boky ho an'ny Mpampiofana sy Mpiofana
- Fisy isan-karazany
- Taratasy lehibe fanoratana
- Taratasy fotsy
- Taratasy madinika maroloko na Cartes Visualisation pour Programmes participatifs (VIPP)
- Fitaovana isan-karazany (hety, penina, kahie, sns.)
- Toerana hanaovana fampiharana.



## FINTINA MOMBA NY TARANJA

| Andiany | Lohahevitra | Faharetany (minitra) |
|---|---|---|
| Fampidirana ny fiofanana | 1. Fandraisana ny mpiofana<br>2. Fandaminana<br>3. Tiana andrasana amin'ny fiofanana<br>4. Fanehoana ny votoatin'ny fiofanana | 45 min |
| Fizarana 1 | Fampahatsiahivana ny tamberin'andraikitra | 20 min |
| Fizarana 2 | Ny Karatra fanombanan'ny mponina ny tolotra rano, fanadiovana ary fidiovana | 65 min |
| | Fitaovana hafa fanoloran-kevitra avy eny ifotony | 30 min |
| **Tombana** | | 50 min |
| **Totaly** | | **210 min** |

# FIZOTRY NY FIOFANANA

# Fampidirana ny fiofanana

## Tanjona

Aorian'ity andiany ity, ny mpiofana dia :

- Mifankahalala sy mifanakalo hevitra sy traikefa mandritra ny fiofanana
- Tompon'andraikitra amin'ny fizotry ny fiofanana ary mandray anjara.

## Faharetany

45 minitra

## Fanomanana / Fitaovana

- Taratasy lehibe fanoratana
- Pejy fitaratra

## Fomba fampiofanana

- Lalao tantara
- Tosakevitra



| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
|---|---|
| **Fampidirana ny fiofanana** | **1. Fandraisana ny mpiofana**<br>- Manolotra ny teny fandraisana<br>- Mifankafantatra ary mametraka ny fifampitokisana mandritra ny fiofanana sy manala ny elanelana<br>- Fampahafantarana ny votoatiny sy ny fandaminana ny fiofanana.<br>Mametraka ny fifandraisana tsy misy elanelana eo amin'ny mpandray anjara.<br>Afaka mampiatra ny traikefany ny mpampiofana na manentana ny mpandray anjara hanao ny fanalàna ny elanelana.<br><br>- Fifampizarana ny andraikitra eo amin'ny samy mpiofana hahafahana mametraka fiofanana milamina ; mampiatra ny fomba fiasa « AILE » isam-bondrona.<br>• A : Animation na Fanentanana<br>• I : Information na Fizarana vaovao<br>• L : Logistique na Fanomanana ny trano fiofanana<br>• E : Evaluation na Tombana ».<br>Ohatra momba ny fizarana vondrona mpandray andraikitra : |

| Andraikitra | 18/01/21 | 19/0121 |
|---|---|---|
| Fanentanana | 1 | 2 |
| Fizarana vaovao | 2 | 3 |
| Fanomanana | 3 | 4 |
| Tombana | 4 | 1 |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FILANA / FITAOVANA | FAHARE-TANY (MIN) |
|---|---|---|---|
| 11. Indro misy fomba fanentanana azo arahina hahafahana manala ny elanelana.<br><br>Manao boribory, mandroso tsirairay eo ampovoany araka izay fomba fandeha tiany. Manolotra ny tenany, milaza ohatra iray izay tiany sy tsy tiany, ary mamerina indray ilay fomba fandeha ary manantona sy manondro ny mpiofana hafa hanolotra ny tenany. | | Taratasy lehibe sy penina hanorana ny vondrona na tabilao sy tsaoka<br><br>Taratasy lehibe na pejy fitaratra mamintina ny fiofanana. | 15 min |
| 12. Fitsinjarana ny vondrona : miova isan'andro ny vondrona sy ny andraikitra. Asaina misafidy ny andraikitra tiany atao ny tsirairay. Arakaraka ny isan'ny mpandray anjara ny isan'ny ao anaty vondrona, fa tokony hisy vondrona 4. | | | |

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
| --- | --- |
| **Fampidirana ny fiofanana** | **2. Fametrahana ny fitsipika fiarahana mandritra ny fiofanana**<br><br>Soritana ireo fitsipi-pitondran-tena sy fiarahana mandritra ny fiofanana mba hampilamina sy hampirindra ny fiofanana.<br><br>**3. Filazana ny tiana andrasana mandritra ny fiofanana**<br><br>Asaina milaza ny tiana andrasana ny mpandray anjara tsirairay rehefa voalaza ny fampidirana ny lohahevitry ny fiofanana.<br><br>**4. Fanamorana ny fiofanana sy fanarahana ny fahazoana fahalalàna sy fahaiza-manao**<br><br>**i) Fanentanana**<br><br>- Ny fanentanana dia tanterahin'ny vondrona voafidy hiandraikitra izany, ahafahana manetsiketsika mandritra ny fiofanana ary manampy amin'ny fifantohana.<br>- Raha ilaina dia asiana fanentanana isaky ny andiany.<br><br>**ii) Famintinana isaky ny andiany ataon'ny mpampiofanana arahina fanontaniana sy valiny avy amin'ny mpiofana**<br><br>Asaina manome ny voambolana tsara ho tadidy ny mpiofana. |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FILANA / FITAOVANA | FAHARE-TANY (MIN) |
|---|---|---|---|
| 21. Rehefa hametraka ny fitsipika fifampitondrana dia :<br><br>a) Miantso solontena antsitrapo mandray an-tsoratra ny voalazan'ny mpandray anjara tsirairay eny amin'ny taratasy lehibe fanoratana.<br><br>b) Lazaina ny mpandray an-tsoratra hanoratra lehibe ho hita tsara, faritana isaky ny karazana fitsipika.<br><br>d) Manentana ny mpandray anjara hanolotra ny fitsipika momba ny :<br>• Ora fanombohana, famaranana, fakan-drivotra, sns.<br>• Fitsipika hifampifehezana mandritra ny fiofanana. | | Fitaovana # 1 :<br>Taratasy sy penina lehibe fanoratana<br>na<br>Tabilao sy tsaoka | 5 min |

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
|---|---|
| **Fampidirana ny fiofanana** | **iii) Fanombanana isan'andro**<br>Fanaovana tombana isan'andro rehefa tapitra ny andro iray.<br><br>- Misy fisy ampiasaina amin'ny tombana isan'andro, izay fintinina sy atolotry ny mpiofana ny ampitso (J+1) (Fitaovana n°1)<br>- Hatsaraina ny fiofanana araky ny fanamarihana azo ary valian'ny mpampiofana ireo fanontaniana manjavozavo.<br><br>**iv) Fanaovana tombana farany any amin'ny fiafaran'ny fiofanana.**<br><br>Atao rehefa mifarana ny fiofanana.<br>- Misy fisy tombana amin'ny farany izay zaraina (Fitaovana n°2).<br><br>**v) Fanolorana ny votoatin'ny fiofanana**<br>Atolotry ny mpampiofana ny fintina momba ny votoatin'ny fiofanana :<br>- Lohahevitra<br>- Tanjona<br>- Mpiofana<br>- Votoatiny<br>- Faharetany<br>- Fomba fiofanana<br>- Fitaovana hampiasaina<br>- Mpampiofana sy mpandray anjara hafa (fa tsy vahiny). |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FILANA / FITAOVANA | FAHARE-TANY (MIN) |
|---|---|---|---|
| 31. Filazàna ny tiana andrasana :<br>a) Asaina milaza na manoratra na maneho an-tsary ny tiany andrasana ny mpiofana tsirairay.<br>b) Apetaka amin'ny rindrina avy eo ireo taratasy na karatra misy ny hevitra ireo ka hampiarahana izay hevitra mitovy.<br>d) Fintinin'ny mpampiofana ireo hevitry ny mpandray anjara.<br><br>41. Manolotra ny votoatin'ny fiofanana ny mpampiofana.<br>Maneho ireo fisy fanaovana tombana.<br><br>42 Manontany ny tanjon'ny Kaominina amin'ny rano, fanadiovana sy fidiovana ny mpampiofana; avy eo mandravona izany miaraka amin'ireo tanjon'ny fiofanana. | Pejy fitaratra (Diapo) #1-3 | Fitaovana #1 : Fisy tombana isan'andro<br><br>Fitaovana #2 : Fisy tombana amin'ny farany<br><br>Fitaovana #2 : Taratasy lehibe<br><br>Fitaovana #3 : Penina lehibe na "Marker"<br><br>Fitaovana #4 : Solosaina (raha afaka mampiasa izany)<br><br>Fitaovana #5 : "Vidéoprojecteur " (raha afaka mampiasa izany | 20 min |

## FIZARANA VOALOHANY

# Fampahatsiahivana ny tamberin'andraikitra

# Lohahevitra I : Fampahatsiahivana ny tamberin'andraikitra

## Tanjona :

1. Mahafehy ny famaritana ny tamberin'andraikitra
2. Mahafantatra ireo karazana tamberin'andraikitra
3. Mampihatra ny lalantsaina tamberin'andraikitra anatin'ny fomba fiasa CSC sy drafitrasa.

Fampitana

Faharetany : 20 min

Tsy homena avy hatrany ny fanazavana, fa miainga amin'ny fahalalan'ny mpandray anjara ary mametraka ireto fanontaniana ireto :

- Inona no antsoina hoe tamberin'andraikitra amin'ny fahalalan'ny rehetra azy?
- Raisina an-tsoratra ny hevitry ny mpiofana, aravona ary mampiseho ny fanaritana ny mpampiofana.
- Iza no afaka manome ohatra ?

Fitaovana

- Fitaovana # 1 : Tahirin-kevitra momba ny lalàna
- Fitaovana #2 : Taratasy lehibe
- Fitaovana #3 : Penina lehibe na "Marker"
- Fitaovana #4 : Solosaina (raha afaka mampiasa izany)
- Fitaovana #5 : "Vidéoprojecteur" + Pejy fitaratra (raha afaka mampiasa izany)

Pejy fitaratra # 1 - 8

## 1. Famaritana ny tamberin'andraikitra

Raha teny gasy dia TAMBERINA + ANDRAIKITRA
Izany hoe nisy ny andraikitra nomena ary misy zavatra andrasana mifandraika amin'izay andraikitra izay.
Ny tamberin'andraikitra dia fomba entina manara-maso ny fantanterahana ny anjara andraikitra nomena.

## 2. Ny maha-zava-dehibe ny tamberin'andraikitra

Ny andraikitra dia faritana ho andraikitra nomena, fifanarahana natao, drafitra nifanarahana.

Antony :


i) Misy ny andraikitra sy fenitra mifandraika amin'ny asa araka ny voalazan'ny lalàna na taratasy fifanarahana, misy ireo drafitra
ii) Fampahafantarana sy fanazavana (izay rehetra natao na ihany koa asa tsy vita)
iii) Fanaraha-maso ny anjara andraikitry ny voakasika sy ny fifanarahana natao.

## 3. Ny andrasana amin'ny tamberin'andraikitra

Fanazavana bebe kokoa ny zavamisy na tranga iray mitaky fanovana sy fanatsarana.

**Karazana tamberin'andraikitra :**

## Tamberin'andraikitra vertikaly




Ny olom-pirenena dia manao izay hampita ny hafany (hetahetany) any amin'ny mpitondra fanjakana amin'ny fanantenana fa ho raisin'ny mpitondra ho manandanja

## Tamberin'andraikitra diagonaly




Miara-miresaka ny olom-pirenena sy ny mpitondra fanjakana ary ireo samy ao anatin'ny dingan'ny fanapaha-kevitra

2

FIZARANA FAHAROA

# Ny Karatra fanombanan'ny mponina ny tolotra rano, fanadiovana ary fidiovana

# Lohahevitra 1 : Ny Karatra fanombanan'ny mponina ny tolotra rano, fanadiovana, fidiovana

## Andiany 1 Ny karatra fanombanan'ny mponina ny tolotra rano, fanadiovana ary fidiovana

### Tanjona :

1. Manome famaritana ny karatra fanombanan'ny mponina ny tolotra rano, fanadiovana ary fidiovana na Community Score Card (CSC).

### Votoatiny :

1. Famaritana
2. Tanjona
3. Ny mampiavaka ny CSC
4. Ny tsy azo lazaina fa CSC.

## Andiany | Ny karatra fanombanan'ny mponina ny tolotra rano, fanadiovana ary fidiovana

Fampitana

Faharetany : 20 min

Ny votoatin'ny ireo dia voalaza ao anaty pejy fitaratra izay entina hanehoana sy hampitana ny fiofanana.

Mametraka fanontaniana vitsivitsy isaky ny votoatiny ny mpampiofana :

- Iza no efa naheno ny karatra fanombanan'ny mponina ny tolotra rano, fanadiovana, fidiovana?
- Raha mbola tsy naheno, inona no fiheveranareo izany?

Mizara ny famaritana amin'ny alalan'ny kisary efa voaomana ny mpampiofana.

### Fitaovana

- Fitaovana # 1 : Tahirin-kevitra momba ny lalàna
- Fitaovana #2 : Taratasy lehibe
- Fitaovana #3 : Penina lehibe na "Marker"
- Fitaovana #4 : Solosaina (raha afaka mampiasa izany)
- Fitaovana #5 : "Vidéoprojecteur" + Pejy fitaratra (raha afaka mampiasa izany)


Pejy fitaratra # 9 -19

## 1. Famaritana

Ny Karatra fanombanan'ny mponina ny tolotra rano, fanadiovana ary fidiovana na Community Score Card (CSC) dia fitaovana sy fomba fiasa iray :

- Fitiliana ny fomba fahitan'ny mpanjifa sy ny mpitantana ny tolotra omena.
- Manao tatitra amin'ny kalitaon'ny tolotra amin'ny komity sy ny kaominina.
- Fampandraisana anjara ny vahoaka sy ny mpitantana amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra sy fandrafetana drafitrasa miaraka hanatsarana ny tolotra.
- Fanaraha-maso ny fandrosoan'ny tolotra.
- Fizarana andraikitra eo amin'ny mpitantana sy ny mpanjifa amin'ny fanaraha-maso ny tolotra.

### Ireo mpandray anjara



## 2. Tanjona

Ny tanjona tratrarina dia fanatsarana ny kalitaon'ny tolotra.

## 3. Ny mampiavaka ny CSC

Ireo toetra mampiavaka ny CSC :
>> Fitaovana fampandraisana anjara izay:
Ampiasaina eny amin'ny faritra hanaovana famakafakana;
Fampitam-baovao eo amin'ny vahoaka ary mampandray andraikitra azy,
Ahazoana valinteny eo no eo amin'izay vaovao, na fanampim-baovao tiana ho azo ary fanapahan-kevitra iarahana;
Ahafahana miady hevitra, midinika eo amin'ny mpanjifa sy ny mpitantana ary manao fanaraha-maso miaraka.

## 4. Ny tsy azo lazaina fa CSC

- Tsy natao hoe fitorohana na fanilihana fahadisoana
- Tsy sehatra na ringa ka hiadian'ny roa tonta
- Tsy sehatra natao hampiady.

## 5. Ireo mpampiasa ny CSC

Fitaovana fampandraisana anjara :

- Ireo rafitra ara-panjakana isaky ny antanan-tohatra: ministera, distrika, kaominina
- Fikambana nasionaly na iraisam-pirenena miasa amin'ny sehatra maro : fahasalamana, fambolena, fampianarana, fitantanana, miralenta, zon'olombelona
- Ireo rafitra eny ifotony : rafi-pitantanana ifotony, fikambanana tantsaha; komitim-pokontany.

## 6. Tombony amin'ny fampiasana ny CSC

- Valin-teny eo no eo
- Mamporisika ny adihevitra sy ny dinidinika sy manatsara ny fifandraisana
- Manamora ny fahazoan'ny roa tonta ny olana misy
- Mampandray andraikitra ny mpanjifa, ny mpitantana sy ny mpitondra
- Manamora ny tamberin'andraikitra, ny mangarahara, ny fampandraisan'andraikitra amin'ny mpitantana
- Manazava ny anjara andraikitry ny tsirairay
- Ahafahahana mampahafantatra ny endriky ny kolikoly mianjady amin'ny vahoaka
- Manatsara ny fomba fihetsikin'ny mpanjifa sy ny tolotra
- Tamberin'andraikitra sy mangarahara amin'ny fampiasana ny vola.

## 7. Fanamby amin'ny CSC

- Mila fotoana fanomanana
- Mety hitarika ady
- Mila mpanelanelana mahay
- Mety hitarika fiandrasana amin'ny zavatra tsy azo tanterahan'ny mpitantana.

## Andiany 2 Dingana arahina amin'ny fanomanana ny karatra fanombanan'ny mponina ny tolotra rano, fanadiovana, fidiovana

### Tanjona :

1. Mahafehy ny fanamorana ny karatra fanombanan'ny mponina ny tolotra rano, fanadiovana ary fidiovana.

### Votoatiny :

Ireo dingana arahina

1. Fanomanana
2. Dingana 2
3. Dingana 3
4. Dingana 4
5. Dingana 5

Fampitana

Faharetany : 45 min

Ireo votoatiny ireo dia voalaza ao anaty pejy fitaratra izay entina hanehoana sy hampitana ny fiofanana.

Raisina tsirairay ny dingana, manomboka amin'ny dingana voalohany ka hatramin'ny fahadimy.

Zaraina vaomiera telo ny mpandray anjara maneho ny dingana 5 isaky ny tolotra rano, fanadiovana ary fidiovana, izany hoe asaina misafidy servisy, ohatra : fanjifana rano eny amin'ny paompy ho an'ny daholo be; fangalana fako ataon'ny kaominina; fitantanana sy fikojana toeram-pivoahana.

Asaina manao tantara an-tsehatra kaominina, mponina mpanjifa, mpanome tolotra servisy.

### Fitaovana

- Fitaovana # 1 : Tahirin-kevitra momba ny lalàna
- Fitaovana #2 : Taratasy lehibe
- Fitaovana #3 : Penina lehibe na "Marker"
- Fitaovana #4 : Solosaina (raha afaka mampiasa izany)
- Fitaovana #5 : "Vidéoprojecteur" + Pejy fitaratra (raha afaka mampiasa izany)

Pejy fitaratra # 20 - 29

## Dingana 1 : Fanomanana

Jerena :

- Ireo tolotra atao tombana
- Ny toerana misy ny servisy
- Ny mpitantana
- Ny mpampiasa ny tolotra
- Ireo mpikatroka hafa

Zotra arahina :

Fizarana 1 :

- Tiliana ireo toerana misy ny tolotra
- Maka ireo antontam-baovao misy ny servisy na raharaha ilaina
- Manao fitsidihana ireo mpitondra eo an-toerana mampahafantatra ny drafitra CSC.

Fizarana 2 :

- Fampandraisana anjara ny vahoaka
- Mifanantona amin'ny mpitantana
- Fitiliana ny zavatra tokony hojerena sy handraisana fanapahan-kevitra.

Fizarana 3 :

- Fihaonana amin'ny solontenan'ny mpanjifa : famaritana ny daty, ny toerana hanaovana ny fihaonana.

## Dingana 2 : Tombana ny servisy ataon'ny mpanjifa

- Tombanana ireo olana eo amin'ny tolotra (sakana)
- Fijerena ireo tondro hamaritana ireo olana
- Fanomezana naoty ny tondro
- Fanomezana soso-kevitra hanatsarana ny servisy na raharaha.

### Dingana 3 : Tombana ataon'ny mpitantana

- Tombana ny tolotra omeny
- Fanaovana ireo tondro
- Fanomezana naoty ny olana
- Famaritana ny olana
- Fanomezana vahaolana na fanatsarana.

### Dingana 4 : Fivoriana fanelanelana sy fanaovana drafitr'asa

- Mifandimby maneho ny olana sy ny vahaolana narosony mahakasika ny fanatsarana ny tolotra ny roa tonta
- Miaraka mandahatra ireo olana (laharam-pahamehana)
- Manao ny drafitrasa iombonana
- Fizarana andraikitra amin'ny asa voafaritra.

### Dingana 5 : Fanatanterahana ny drafitrasa sy fanaraha-maso

- Fantantanterahana ny drafitrasa
- Fanaraha-maso sy fanaovana tombana ny asa vita
- Famerenana ny tsingerina isaky ny enim-bolana mba ho lasa fomba fiasa ny CSC.

# Lohahevitra 2 : Fitaovana hafa fanoloran-kevitra eny ifotony

## Tanjona :

Ao aorian'ity andiany ity, ny mpandray anjara dia afaka manazava ny fomba fampiasana ny :

- Boaty fanoloran-kevitra
- Fivoriam-pokonolona

## Votoatiny :

1. Vata fanoloran-kevitra
2. Fivoriam-pokonolona

Fampitana

Faharetany : 30 min

Mitarika fifampizarana fahalalana sy traikefa amin'ireo fitaovana fanoloran-kevitra hita eo an-toerana ny mpampiofana.

Mametraka fanontaniana toy izao :

- Inona avy ireo fomba fanoloran-kevitra hita ety an-toerana? Fa maninona? Inona no tanjona?
- Inona avy ireo dingana narahina nametrahana azy ireo?
- Inona no lafy tsarany, inona no lafy ratsiny?
- Inona no vokatra azo?

Mandravona any mpampiofana ary manazava ireo fitaovana fanoloran-kevitra.

Fitaovana

- Fitaovana # 1 : Tahirin-kevitra momba ny lalàna
- Fitaovana #2 : Taratasy lehibe
- Fitaovana #3 : Penina lehibe na "Marker"
- Fitaovana #4 : Solosaina (raha afaka mampiasa izany)
- Fitaovana #5 : "Vidéoprojecteur" + Pejy fitaratra (raha afaka mampiasa izany)

Andiany I **Vata fanoloran-kevitra**

Pejy fitaratra # 30 - 35

## Famaritana :

**Vata natao hanangonana ny hevitry ny olom-pirenena mikasika ny rano, fanadiovana ary fidiovana eo amin'ny tanàna iray.**

Fomba fametrahana ny boaty :

- Apetraka eny amin'ny kaominina, fokontany sy biraon'ny mpampiasa rano
- Hifanarahana ny toerana hametrahana azy
- Tsy apetraka fotsiny fa arahina fanazavana
- Sokafana amin'ny fomba mangarahara
- Hifanarahana ny fotoana hanokafana azy.




| LAFY TSARANY | LAFY RATSINY |
| --- | --- |
| Voarakitra an-tsoratra ny zavatra rehetra lazain'ny mpandefa | Ny afaka mamaky teny sy manoratra ihany no afaka mampiasa azy |
| Homena eo no eo ny valin-teny (tsy misy mpanelanelana) | Miankina ny toerana hametrahana azy no mampahomby azy |
| | Mety hikendry olona manokana ny voasoratra ao amin'ny taratasy |

## Modely fametrahana ny vata fanoloran-kevitra :

| Fomba atao | Oviana | Mpiandraiki-draharaha | Fanamarihana |
|---|---|---|---|
| Fampahafantarana ny tompon'andraikitra ifotony amin'ny fametrahana vata fanehoan-kevitra | Rehefa misy hetsika fampandrosoana tiana hatomboka | Mpiantsehatra mandray anjara (sehatra tsy miankina, kaominina, mpamatsy vola) | Vonona ny vata fanehoan-kevitra (boîte à idées) |
| Fametrahana ny vata fanehoan-kevitra | Manomboka amin'ny fantanterahana ny hetsika na tetikasa | Mpiantsehatra mandray anjara (sehatra tsy miankina, kaominina, mpamatsy vola) | Fanapahan-kevitra mahomby amin'ny fampiasana sy fiarovana ny vata fanehoan-kevitra |
| Fanentananana amin'ny fampiasana ny fitaovana | Mialoha – Mandritra – Aoriana | Mpandray anjara anaty tetikasa sy mpanentana ifotony | Mitovy fahalalana sy fijery momba ny fitaovana |
| Fangalana ny hevitra, fikirakirana sy fahafantarana ny votoatiny | Araka ny lamina hifanarahana (ohatra isam-bolana na isaky ny telo volana) | Mpiantsehatra mandray anjara (sehatra tsy miankina, kaominina, mpamatsy vola) | Mampiofana ny mpitarika na tompon'andraikitra ifotony amin'ny fikirakirana ny hevitra azo |
| Fizarana ny vokatra eny amin'ny mpiantsehatra na tompon'andraikitra isan'ambaratongany hiantefan'izany | Araka ny lamina hifanarahana (ohatra isam-bolana na isaky ny telo volana) | Tompon'andraikitra isan-tsokajiny | Avy amin'ireo mpiandraiki-draharaha misahana ny vata fanehoan-kevitra |

## Andiany 2 Fivoriam-pokonolona

Pejy fitaratra # 36 - 39

### Famaritana :

Fivoriana natao hitarihana ny adihevitra eo amin'ny tanàna iray mba hanehoana amin'ny mponina ny zava-misy (heviny) eo amin'ny sehatry ny rano, fanadiovana ary fidiovana.

**Tsara ho fantatra :**

- Fomba iray mba hanehoan'ny mponina ny heviny
- Fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpitondra na mpitarika voajanahary
- Atao isaky ny zana-bohitra
- Mpitondra na ny mpitarika voajanahary no atao mpanamora
- Misy fifankazahoana eo amin'ny samy iray tanàna
- Mamporisika ny sokajn'olona rehetra mba hiteny ny tsy mety
- Mitarika ny fifanarahana eo amin'ny safidin'ny fokonolona
- Manamafy ny fiaraha-miasa amin'ny fokonolona
- Mila mpitondra mahay mitarika
- Mandiso ny fanapaha-kevitra raisin'ny fokonolona ny fisalovanan'ny mpitondra.



Ity fitaovana enti-mampiofana ity dia novokarin'ny tetikasa RANOWASH izay novatsian'ny vahoaka amerikanina vola amin'ny alalan'ny Sampandraharaha Amerikanina ho an'ny fampandrosoana iraisam-pirenena (USAID) araka ny fifanaraham-piaraha-miasa AID-687-A-17-0000. Tompon'andraikitra feno amin'ny votoatiny ny mpanatanteraka ny tetikasa RANOWASH ary tsy voatery hamaritra ny hevitry ny USAID na ny fanjakana Amerikanina io votoatiny io.

https://ranowash.org